REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# LALANA Laharana Faha 2017-002
# ANAOVANA NY FEHEZANDALANA MOMBA NY FIFAMOIVOIZANA AN'ARABE ETO MADAGASIKARA

Ny Antenimierampirenena dia nandany tamin'ny famakiana farany tamin'ny fotoam-pivoriana nataony tamin'ny 31 May 2017, ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana an'arabe eto Madagasikara izay toy izao andinindininy:

## LOHATENY VOALOHANY
## FEHIN-KEVITRA ANKAPOBE SY FEPETRA ANKAPOBE

### TOKO 1.1
### ANKAPOBEN-JAVATRA

**Andininy L1.1-1**:Izao lalàna anaovana ny Fehezandalàna momba ny Fifamoivoizana an'arabe izao dia mamaritra ny fepetra fampiasana ny lalàna misokatra ifamoivoizan'ny besinimaro. Ity lalàna ity dia natao hiantohana ny fiarovana sy ny filaminana mikasika ny fifamoivoizana sy ny fitaterana entana sy olona an'arabe.

**Andininy L1.1-2**: Malalaka ny fampiasàna eto amin'ny tanim-pirenena ny lalana misokatra amin'ny fifamoivoizan'ny besinimaro antsoina hoe "lalana". Io fahalalahana io dia ampiharina araka ny fombafomba voalazan'izao Fehezandalàna izao.

### TOKO 1.2
### FAMARITANA

**Andininy L1.2-1**: Ny lalana misokatra ho amin'ny fifamoivoizan'ny besinimaro dia mahakasika ny lalana rehetra sy izay miankina aminy ka anisan'izany ny asa voakaly.

Ny famaritana ny sokajin-dalana samihafa dia ferana amin'ny alalàn'ny Lalàna anaovana ny Satan'ny lalana sy ireo rijan-teny fampiharana izany.

Ny lalana manokana sy ny sakeli-dalana ao anatin'ny faritry ny seranan-tsambo, seranam-piaramanidina ary garan-dalamby dia tsy tafiditra ao anatin'ny sehatra famaritana voalazan'izao Fehezan-dalàna izao. Ny didy amam-pitsipika momba ny fampiasana ireo fotodrafitrasa mikasika ny lalana ireo dia miankina amin'ny tandrifim-pahefan'ny tompo-marika momba ny asa sy ny Manampahefana voakasika.

**Andininy L1.2-2**: Araka ny hevitra raketin'izao Fehezan-dalàna izao, ny atao hoe:

1. "**mpampianatra ny mpianatra mamily fiarakodia**":olon-dehibe mampita fampianarana mialoha ny fitondrana fiara misy motera amin'ny mpianatra mamily

fiarakodia. Ny mpampianatra ny mpianatra mamily fiarakodia dia tsy maintsy manana ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia takian'ny didy amam-pitsipika ho an'ny sokajina fiara entina ;

2. "**lakan-drafitra**" : sambo malalaka sy fisaka iampitàna renirano na farihy ho an'ny mpandeha sy ny fiarakodia

3. "**hidin-dalana noho ny fihavian'ny orana**" : fandraràna atao amin'ny fiarakodia tsy handeha amin'ny lalana voatondro, lalan-tany na lalan-dratsy, mandritra ny fotoana ihavian'ny orana ary izany dia mba hialàna amin'ny fanimbàna ho ratsiratsy kokoa indray ny endri-dalana voalaza ;

4. "**arabe**" : ny na ireo ampahan'ny lalana natokana handehanan'ny fiarakodia ;

5. "**fifaninanana mandeha mafy**" izay rehetra fifaninanana ara-panatanjahan-tena atao aminà fiara misy motera ka ny fitsipika dia mikendry, mivantana na ankolaka ny anasokajina ny mpifaninana arakaraky ny hafainganam-pandeha faran'izay ambony vitan'izy ireo eo amin'ny ampahan-dalana iraisana na, raha ilaina amin'ny ampahan-dalana samihafa nofaritana mialoha na navela hisafidianan'ny mpandray anjara ;

6. "**mpamily**" :

a. "mpamily fiara misy motera" : olona mampiasa sy mitondra fiara misy motera eo amin'ny lalana misokatra ho an'ny fifamoivoizan'ny besinimaro ;

b. "mpamily fiara tsy misy motera" : olona mampiasa manokana ny herin-tsandriny itarihana na anosehana fiara tsy misy motera, eo amin'ny lalana misokatra ho an'ny fifamoivoizan'ny besinimaro, mba hanetsehana izany, na mitarika sy manara-maso fiara toy izany tarihim-biby

d. "mpandroaka biby" olona mitarika sy manara-maso ny fivezivezen'ny biby eny amin'ny lalana misokatra ho an'ny fifamoivoizan'ny besinimaro.

7. "**bisikileta**" : fiara misy kodiarana roa fara faha keliny ka mandeha manokana amin'ny alalan'ny herim-batan'ny olona mipetraka eo ambonin'io fiara io, indrindra amin'ny alalan'ny fivoizana na fanodinana ;

8. "**cyclomoteu**r" fiara misy kodiarana roa na telo ka ny hafainganam-pandeha farany ambony nanamboarana azy dia tsy mihoatra ny 45 kilaometatra isan'ora ka misy :

a. ho an'ny "*cyclomoteur"* misy kodiarana roa, motera manana hery tsy mihoatra ny 50 santimetatra toratelo raha toa ka mirehitra anaty na manana hery farafahabetsany tsy mihoatra ny "4 kilowatts" ho an'ny karazana motera hafa ;

b. ho an'ny "*cyclomoteur"* misy kodiarana telo, motera manana hery tsy mihoatra ny 50 santimetatra toratelo raha misy fandrehetana baikoana na manana hery farafahabetsany tsy mihoatra ny "4 kilowatts" ho an'ny karazanà motera hafa.

Didim-pitondrana ataon'ny Minisitry miandraikitra ny Fitaterana no mamaritra ny fepetra fampiharana sy fanaraha-maso ny fepetra voalazan'ny teboka faha 8 ;

9. “**tatatramadinika**” : lakan-drano madinika misy sarony ao ambany lalana ho fandehanan’ny rano ;

10. “**zava-miankina**” : izay rehetra anisan’ny lalana ankoatry ny asa voakaly ;

11. “**Fitsapàna momba ny tanjaka sy ny fitozoana**”:izay rehetra fitsapana ara-panatanjahan-tena andraisan’ny fiarakodia misy motera anjara ka ny tanjona kendrena dia ny hanasokajiana ny mpifaninana amin’ny alalan’ny fampahatsiahivana ny salan’ny hafainganam-pandeha noferana mialoha. Io salan’ny hafainganam-pandeha io, na dia izany aza, dia mety ho hafa arakaraka ny sokajy na karazan’ny fiarakodia mandray anjara amin’ny fifaninanana na araka ny toetra manokana ananan’ny lalan-kizorana izay tsy maintsy anaovana ny fampisehoana ;

12. “**motocyclette**” : fiarakodia misy kodiarana roa sy misy motera tsy mifanaraka amin’ny famaritana ny “*cyclomoteur”* araka izay nomena eo amin’ny teboka 8 a. amin’izao andininy izao ka ny heriny dia tsy mihoatra ny “73,6 kilowatts” (100 chevaux). Ny fanampiana “*side-car*” na fiara tarihina amin’ny “*motocyclette”* dia tsy mampiova ny fanasokajiana ity farany ;

13. “**motocyclette maivana**”: “*motocyclette”* manana hery tsy mihoatra ny 125 santimetatra toratelo ka ny tanjany dia tsy mihoatra ny “11 kilowatts”. Ny “*motocyclette”* izay, talohan’ny 05 jolay 1996, noheverina toy ny “*motocyclette”* maivana na izay noraisina ho toy izany dia mijanona hosokajiana ao anatin’io karazana io aorian’io vaninandro io, afa-tsy ny fiara misy kodiarana roa misy motera manana hery tsy mihoatra ny 50 santimetatra toratelo ary ny hafainganam-pandehany dia tsy mihoatra ny 45 kilaometatra isan’ora, misy fanitsahana na famindràna hafainganam-pandeha tsy mandeha ho azy izay antsoina hoe “*cyclomoteur”*. Ny fiara misy kodiarana roa misy motera manana hery tsy mihoatra ny 125 santimetatra toratelo miasa toy ny karazana “*velomoteur”* talohan’ny 01 marsa 1980 dia heverina ho toy ny “*motocyclettes”* maivana.

Ny fanampiana “side-car” na fiara tarihina amin’ny *motocyclette* maivana dia tsy mampiova ny fanasokajiana ity farany.

14. “**asa voakaly**” : tetezana, lakan-drafitra lehibe rafi-bato fitsakàna, tatatra madinika, tonelina ary rindrina fanohanana ;

15. “**lalana fandehanan’ny bisikileta**” : lalana voasoritra sy namboarina ary natokana ho an’ny mpandeha am-bisikileta ;

16. “**quadricycle misy motera**” :

a. “quadricycle maivana misy motera” : fiara misy motera misy kodiarana efatra ka ny hafainganam-pandehany farany ambony tamin’ny nanamboarana azy dia tsy mihoatra ny 45 kilaometatra isan’ora, ny heriny dia tsy mihoatra ny 50 santimetatra toratelo ho an’ny motera misy fandrehetana baikoina na manana hery farafahabetsany tsy mihoatra ny 4 kilowatts ho an’ny karazana motera hafa, ny lanjany tsy misy entana dia tsy mihoatra ny 350 kilaograma ary ny lanjan’ny entana zakany dia tsy mihoatra ny 200 kilaograma ;

b. “quadricycle mavesatra misy motera” : fiara misy motera misy kodiarana efatra ka ny tanjaky ny motera farafahabetsany dia latsaka na mira ny 15 kilowatts, ny lanjany tsy misy entana dia tsy mihoatra ny 550 kilaograma ho an’ny *quadricycle* natokana hitaterana entana ary 400 kilaograma ho an’ny *quadricycle* natokana hitaterana olona,

ny lanjan'ny entana zakany dia tsy mihoatra ny 1000 kilaograma raha toa izy ka natokana hitaterana entana ary 200 kilaograma raha toa izy ka natokana hitaterana olona ka tsy mahafeno ny famaritana ny *quadricycle* maivana misy motera ;

17. "**rafi-bato fitsakàna**" : rakotra matevina vita amin'ny vato na amin'ny béton izay zary fototra ho an'ny asa voakaly, fanambanin'ny lavaka, na lakan-drano ;

18. "**fiara tarihina**" : fiarakodia tsy misy motera natokana hotarihina na amin'ny alalan'ny fiara mpitarika na amin'ny alalan'ny mpitarika an'arabe ;

19. "**fiara tarihina mitambaby**" : fiara tarihina natokana hotarihin'ny fiarakodia hafa ka namboarina hiankina ampahany amin'ity farany ary ny ampahany betsaka amin'ny lanjany sy ny lanjan'ny entana entiny dia zakainy ;

20. "**tricycle misy motera**": fiarakodia misy kodiarana telo mitovy elanelana misy motera ka ny lanjany tsy misy entana dia tsy mihoatra ny 1000 kilaograma ary ny lanjan'ny entana entiny dia tsy mihoatra ny 1500 kilaograma ho an'ny *tricycle* natokana hitaterana entana sy 300 kilaograma ho an'ny *tricycle* natokana hitaterana olona. Tsy mahafeno ny famaritana ny *cyclomoteur* araka ny voalaza ao amin'ny teboka 8 b. amin'izao andininy izao ;

21. "**trolleybus**" : fiarakodia fanaovana fitaterana iombonana voizin'ny herin'aratra, misy kodiarana fingotra miaraka amin'ny fandraisana herin'aratra amin'ny alalan'ny fitaovana misahana ny fifandraisana elektrika araka ny fifampikasohana mikorisa na mihodina eo amin'ny mpitondra herin'aratra mihantona sy ny mpandray izany mifindrafindra ;

22. "**sisin-dalana**" : ampahany amin'ny sisin-dalana avoavo kokoa mihoatra amin'ny lalana natokana hifamoivoizan'ny mpandeha an-tongotra ;

23. "**vélomoteur**" : izay rehetra fiara misy kodiarana roa misy motera mandeha solika manana hery tsy mihoatra ny 125 santimetatra toratelo na mitovy amin'izany ka tsy mahafeno ny famaritana ny *cyclomoteur* araka izay nomena ao amin'ny teboka 7 a. amin'izao andininy izao.

Ny fanampiana "side-car" na fiara tarihina amin'ny *vélomoteur* dia tsy mampiova ny fanasokajiana ity farany.

**Andininy L1.2-3**:Ny sokajina mpampiasa ny làlana dia:

1. ny mpamily fiara misy motera na tsy misy motera ;
2. ny mpandroaka biby mpitarika, mpitondra entana na fitaingina ;
3. ny mpandeha fiarakodia voalaza ao amin'ny teboka 1 ;
4. ny mpandeha an-tongotra dia ny mpampiasa hafa ankoatry ny mpitondra sy mpandeha voalaza ao amin'ny teboka 1, 2 sy 3 etsy ambony.

**Andininy L1.2-4**:Ny fiarakodia voalaza ao amin'ny teboka 1 amin'ny andininy L1.2-3 etsy aloha dia ahitana:

1. ny fiarakodia misy motera miaraka na tsia amin'ny fiara tarihina ;
2. ny fiarakodia tsy misy motera ka anisan'izany ny fiara misy kodiarana roa na maromaro sy ny fiara tarihina amin'izy ireo.

Ny teny “fiarakodia misy motera” dia manondro izay rehetra fiara eny an’arabe misy motera manetsika azy na tarihina, ka anisan’izany ny *trolleybus*.

## LOHATENY 2
## FITSIPIKA ANKAPOBE AMPIHARINA AMIN’NY MPAMPIASA NY LALANA

### TOKO 2.1
### FITSIPIKA AMPIHARINA AMIN’NY FITAMBARAN’NY MPAMPIASA LALANA

**Andininy L2.1-1**: Ho an’ny fampiasana ny làlana misokatra amin’ny fifamoivoizan’ny besinimaro, ny sokajin’ny mpampiasa lalana tsirairay dia tsy maintsy manaraka ny fitsipika momba ny fifamoivoizana sy manaraka ny fepetra mikasika ny filaminana.

**Andininy L2.1-2**: Izay rehetra mpampiasa ny làlana misokatra amin’ny fifamoivoizan’ny besinimaro, afatsy raha misy antony tsy azo anoharana, dia tsy maintsy mampiasa manokana ny arabe, lalan-kely falehan’ny bisikileta na lalan-kely falehan’ny mpandeha an-tongotra natokana ho an’ny sokajin’ny mpampiasa azy.

**Andininy L2.1-3**: Izay rehetra fiarakodia na fitambarana fiarakodia miara-droa mifamoivoy misaraka voatondro ao amin’ny andininy L1.2-3 dia tsy maintsy manana mpamily.

Ny biby mitarika, mitondra vesatra na lasely sy ny biby mitokana dia tsy maintsy manana farafahakeliny mpitarika iray.

## LOHATENY 3
## FITSIPIKA AMPIHARINA AMIN’NY MPAMILY

### TOKO 3.1
### FAMPIANARANA NY FITONDRANA FIARAKODIA MISY MOTERA SY NY FILAMINANA ENY AN-DALAMBE

**Andininy L3.1-1** : Ny fanokafana sy ny fampiasana ny toeram-pampianarana mamily fiarakodia misy motera sy ny filaminana an-dalambe dia fehezin’ny fankatoavana avy amin’ny Minisitera miandraikitra ny Fitaterana , rehefa nahazo ny fankatoavana avy amin’ny vaomiera iraisan’ny Minisitera izay faritana amin’ny alàlan’ny didy amam-pitsipika ny ho firafiny.

### TOKO 3.2
### FANOMEZAN-DALANA SY FAHAZOAN-DALANA HAMILY

**Andininy L3.2-1**:Tsy misy mihitsy afaka mitondra fiarakodia misy motera eny amin’ny làlana misokatra amin’ny fifamoivoizan’ny besinimaro raha tsy manana fanomezan-dàlana hamily fiarakodia.

Tsy misy mihitsy afaka mitondra fiarakodia tsy misy motera eny amin’ny làlana misokatra amin’ny fifamoivoizan’ny besinimaro raha tsy manana fanomezan-dàlana.

Ny paika arahina mifandraika amin'ny fanomanana ny fanadinana ahazoana fahazahoan- dalana hamily fiara, manomboka eo amin'ny fandraisana ny fangatahana hiadina fananadinana ka hatramin'ny fandrafetana ny lisitry ny mpiadina afaka, dia miankina amin'ny fahefan'ny Minisitera misahana ny Fitaterana.

Ny fandrafetana ny fahazahoan-dalana hamily, araka ny lisitry ny mpiadina afaka lazain'ny andalana etsy ambony sy ny fanomezana azy ny tompony dia miankina amin'ny fahefan'ny Minisiteran'ny Atitany.

Ireo asa ireo dia afaka omena ny antokon-draharaha nomem – pahefana.

**Andininy L3.2-2** : Ny sokajinà fanomezan-dàlana sy fahazoan-dàlana samihafa voatondro ao amin'ny andininy L3.2-1 voalaza etsy aloha, ny fepetra sy ny fombafomba fanomezana azy, ny faharetan'ny fananan-keriny ary ny fandikan-dalàna mety hitarika ny fandraràna ny fanomezana, ny fampiantonana, ny fisintonana vonjimaika na raikitra ireo taratasy fahazoana alàlana ireo dia faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika raisin'ny Minisitera misahana ny Fitaterana sy/na ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana.

## TOKO 3.3
## FITONDRAN-TENAN'NY MPAMILY

**Andininy L3.3-1**:Izay rehetra mpamily fiarakoadia fitaterana olona iombonana na fitaterana entana dia tsy maintsy mitondra tena toy ny matihanina sy tompon'andraikitra ary tsy maintsy manaraka ny fepetra ny rijantenin'ny didy amam-pitsipika sy ny fepetra fanaovana ny asa.

Izay rehetra mpamily fiarakodia dia tsy maintsy manaja ny fitsipika mikasika:

- ny fampiasana ny làlana misokatra amin'ny fifamoivoizan'ny besinimaro ;
- ny fiarovana ny làlana sy ny ny zavatra miankina aminy ary ny tontolo iainana;
- ny fiarovana ny mpampiasa ny lalana ifamoivoizan'ny besinimaro.

**Andininy L3.3-2**: Araka ny fepetra ara-dalàna momba ny fifamoivoizana, izay rehetra mpamily fiara misy motera sy tsy misy moterana ny mpandroaka biby mpitarika, mpitondra entana na fitaingina dia tsy maintsy mifamoivoy mahitsy amin'ny ilany havanana amin'ny làlana.

**Andininy L3.3-3**: Izay rehetra mpamily dia tsy maintsy manaiky ny baiko rehetra avy amin'ny mpandraharaha voatondro ao amin'ny andininy L8.2-1 manao fanamiana na mitondra mari-pamantarana ety ivelany sy hita maso ny maha izy azy, faritana amin'ny alàlan'ny didy amam-pitsipika, sy afaka hizaha fototra ny fandikana ireo fepetra voalazan'ity Fehezan-dalàna momba ny Fifamoivoizana an'arabe ity.

Izy dia tsy maintsy manaiky ny baiko fanerena hijanona ataon'ireo mpandraharaha ireo izay afaka mampiasa ny fomba rehetra ahazoana tsy mampihetsika ny fiarakodia ka tsy ahafahan'ny mpamily mikasa hitsoaka amin'ny fanaraha-maso.
Ny mpamily tsy manara-dalàna dia miantsoroka ny andraikitra mety hitranga amin'ny fampiasana ireo fitaovana fanakanana ireo na ny fampiasan'ny mpandraharahan'ny Herim-bahoaka fitaovam-piadiana.

**Andininy L3.3-4** : Tsy misy mihitsy mpamily na mpanaraka ny mpianatra mpamily, voagejan'ny alikaola na ny zava-pisotro mahamamo, na zavatra na zava-maniry voasokajy ho mahadomelina na ny fanafody mandemy saina afaka mamily fiarakodia.

**Andininy L3.3-5** : Raha misy ny fiahiahiana amin'ny fandraisana zava-pisotro misy alikaola, fandraisana zava-mahadomelina na ny zavatra mandemy saina,na tafiditra amin'ny lozam-pifamoivoizana ny mpamily na ny mpanaraka ny mpianatra mpamily dia azo ampanaovina fitiliana ny rà.

Raha misy ny fahatafidirana amin'ny lozam-pifamoivoizana izay nahatonga fahavoazana ara-batana na nahafaty, ny fanamarinana natokana hamoahana ny fampiasana ny zava-mahadomelina na fihinanana fanafody mandemy saina, dia tsy maintsy atao amin'ny mpamily na ny mpanaraka ny mpianatra mpamily.

## LOHATENY 4
## FITSIPIKA AMPIHARINA AMIN'NY FIARAKODIA

### TOKO 4.1
### FEPETRA ARA-TEKNIKA
### AMPIHARINA AMIN'NY FIARAKODIA REHETRA

**Andininy L4.1-1**:Ny fiarakodia misy motera voatondro ao amin'ny andininy L1.2.3 dia tsy maintsy manaja ny fitsipika ara-teknika voalaza amin'ity Fehezan-dalàna ity mikasika:

1. ny toetoetra ara-teknika momba ny fiarakodia ;
2. ny singa, fitaovana, fampitaovana ary fanajariana isan-karazany ao amin'ireo fiarakodia ireo ;
3. ny famerana ny hafainganam-pandeha amin'ireo fiarakodia ireo.

**Andininy L4.1-2**:Ny fiarakodia rehetra afaka mifamoivoy dia tsy maintsy mahafeno ny:

1. fiantohana ny filaminan'ny mpampiasa làlana rehetra;
2. tsy fanohintohinana ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny làlana misokatra amin'ny fifamoivoizan'ny besinimaro sy ireo zavatra miankina aminy ary koa ny asa voakaly ;
3. famerana ny faika tsy azo omen-danja, ny fandefasana akora mandoto, indrindra ny *dioxyde de carbone*, voatondro ao amin'ny fepetran'ny rijantenymanankery mifehy ny tontolo iainana ary koa ny fanimbàna hafa mety hanohintohina ny tontolo iainana sy ny fahasalamam-bahoaka.
4. **Ny toeran'ny familiana ny fiarakodia misy motera dia tsy maintsy eo ankavia**

**Andininy L4.1-3** : Voarara tanteraka ny fametrahana, ny fampifanentanana na fampiasàna amin'ny fiarakodia izay rehetra fiasana, fitaovana na vokatra mety, na lazaina fa mety ahitana ny fisiana na hanelingelina ny fiasan'ny fitaovana, fiasàna na fomba entina izahana fototra ny fandikana atao amin'ny lalàna na ny fitsipika momba ny fifamoivoizana an-dalambe na ahafahana miala amin'ny fizahana fototra ireny fandikan-dalàna ireny.

### TOKO 4.2
### FEPETRA ARA-PANJAKANA
### AMPIHARINA AMIN'NY FIARAKODIA REHETRA

**Andininy L4.2-1**:Ny fiarakodia misy motera rehetra ampiasaina eto Madagasikara dia tsy maintsy mahafeno ireto zava-takiana manaraka ireto mikasika:

1. ny fanamarinana sy ny fankatoavana ;
2. ny fanomezana marikisa;
3. ny fanaraha-maso ara-teknika.

Ny zava-takiana tondroin'ny teboka 1 sy 2 dia mihatra amin'ny fiarakodia tsy misy motera.

Ny fiarakodia an-tanety rehetra misy motera ary koa ny fiara tarihina na fiara tarihina mitambaby ankoatra ny fiarakodiam-panjakana, mifamoivoy eny amin'ny làlana misokatra amin'ny fifamoivoizan'ny besinimaro dia tsy maintsy manana fiantohana mifanaraka amin'ny fepetran'ny lalàna anaovana ny Fehezandalana manankery momba ny fiantohana.

**Andininy L4.2-2:** Ny Minisitera miandraikitra ny Fitaterana dia manome ny taratasim-panjakana sy manao ny fanoratana am-boky ny mombamomba ny zavatra rehetra takiana ho amin'ny fifamoivoizan'ny fiarakodia.

## LOHATENY 5
## FIHETSIKETSEHANA, FITSAPANA ARY FIFANINANANA ARA-PANATANJAHAN-TENA

### TOKO 5.1
### FIHETSIKETSEHANA

**Andininy L5.1-1**: Ny fampiasana ny ampahany na manontolo ny làlana misokatra ifamoivoizan'ny besinimaro, ho an'ny fihetsiketsehana rehetra ara-kolotoraly, ara-pivavahana, ara-pomba, dia tsy maintsy ahazaohana alalana mialoha avy amin'ny manampahefana eo an-toerana mahefa, eo anivon'ny Faritany, ny Faritra na ny Kaominina, raha toa ilay fihetsiketsehana hatao ao amin'ny lalana anatin'ny fari-piadidiany avy.

### TOKO 5.2
### FITSAPANA SY FIFANINANANA ARA-PANATANJAHAN-TENA

**Andininy L5.2-1**: Ny fampiasana ny ampahany na manontolo ny lalana misokatra ifamoivoizan'ny besinimaro, ho an'ny fikarakarana fifaninanana, hazakazaka na fifaninanana ara-panatanjahantena dia tsy maintsy ahazahoana:

1. Fahazahoan-dalana miaraka avy amin'ny Minisitera misahana ny Fitaterana sy ny Minisitera misahana ny Asa Vaventy raha toa ilay fihetsiketsehana ka mandalo ny Lalam-Pirenena mamakivaky Faritany roa.

2. Fahazahoan-dalana avy amin'ny manampahefana an-toerana mahefa , eo anivon'ny Faritany, ny Faritra na ny Kaominina raha toa ilay fihetsiketsehana atao ao amin'ny lalana anatin'ny fari-piadidiany avy.

Ny fikarakarana ny fitsapana, hazakazaka ary fifaninana ara-panatanjahan-tena amin'ny ampahany na ny manontolo amin'ny lalàna misokatra amin'ny fifamoivoizana ho an'ny besinimaro dia tsy maintsy azahoana alalana.

## LOHATENY 6
## ANDRAIKITRY NY MPAMPIASA NY LALANA RAHA MISY FANDIKANA ITY FEHEZAN-DALANA MIFEHY NY FIFAMOIVOIZANA AN-DALAMBE ITY

### TOKO 6.1
### ANDRAIKITRA SIVILY SY ANDRAIKITRA ARA-KELOKA

**Andininy L6.1-1**: Izay rehetra mpampiasa lalàna misokatra amin'ny fifamoivoizana ho an'ny besinimaro dia tompon'andraikitra sivily sy/na tompon'andraikitra ara-keloka amin'ny fandikana ny fepetra voalazan'ity Fehezandalàna mifehy ny fifamoivoizana ity.

### TOKO 6.2
### ANDRAIKITRA ARA-BOLA

**Andininy L6.2-1**: Tompon'andraikitra ara-bola amin'ny fandikana ny fitsipika manan-kery izay iharan'ny sazy lamandy tokana ihany:

- Ny tompona fiarakodia;
- Ny solontena ara-dalàna ny fikambanana iray manana fiarakodia;
- Nympanofa fiarakodia.

## LOHATENY 7
## FAMAIZANA NY FANDIKANA ITY FEHEZAN-DALANA ITY

### TOKO 7.1
### FAMAIZANA NY FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FITSIPIKA MOMBA NY FITONDRANA FIARAKODIA NA BIBY

**Andininy 7.1.1 :** Ny olona rehetra, ao anaty fahamamoana na mandray zava-pisotro misy alikaola, mahadomelina na mandemy saina, mitondra na manandrana mitondra fiara misy motera, dia saziana lamandy 100.000 Ar hatramin'ny 400.000 Ar, ary izany dia, tsy miankina amin'ny fepetra fampihantonana na ny fisintonana vonjimaika na tena raikitra ny fanomezan-dàlana hamily fiarakodia na ny tsy fampihetsehana.

Ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia ampiharina amin'ny mpanaraka ny mpianatra mamily fiarakodia.

Raha toa misy fahavoazana ara-batana, dia ampiharina ny fepetra voalazan'ny andininy faha 319 sy faha 320 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana.

**Andininy L7.1-2**: Izay rehetra mpamily fiarakodia nanao ny iray amin'ireo fandikan-dalàna voalazan'ny andininy L7.1-1, ka mandà hanaraka ireo fanamarinana voalaza ao amin'ny L3.3-5, dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar, ary izany, ankoatry ny fepetra fisintonana vonjimaika na tena raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia na ny tsy fampihetsehana.

**Andininy L7.1-3 :** Izay rehetra olona tsy manana fahazoan-dàlana hamily fiarakodia sy ao anatin'ny hamamoana na voagejan'ny alikaola na izay mampiasa zavatra na zava-maniry nosokajiana ho toy ny zava-mahadomelina na fanafody mandemy saina, mitondra na manandrana hitondra fiarakodia, dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar, ary izany, ankoatry ny fepetra fandraràna hangatahana fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na ny tsy fampihetsehana.

Ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia ampiharina amin'ny mpanaraka ny mpianatra mamily fiarakodia.

**Andininy L7.1-4** : Izay rehetra olona nanao ny fandikan-dalàna voalazan'ny andininy L7.1-3, ka mandà ny hanaraka ireo fanamarinana voalazan'ny andininy L3.3-5 dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar, ary izany, ankoatry ny fepetra fandraràna hangataka fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na ny tsy fampihetsehana.

**Andininy L7.1-5**: Izay rehetra mpamily fiarakodia na mpanaraka ny mpianatra mamily fiarakodia, izay mahafantatra fa io fiarakodia io no nahatonga na niteraka loza iray, nefa tsy nijanona amin'ny nahim-pony na niala ny toerana nitrangan'ny loza, ary mikasa noho izany ny handositra ny andraikitra sivily na ara-keloka izay mety mampiditra andraikitra azy, dia saziana fampidirana an-tranomaizina roa volana hatramin'ny herintaona sy lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 2.000.000 Ar, na ny iray amin'ireo sazy roa ireo ihany, tsy tohinina ny sazy mifandraika amin'ny heloka tsotra na heloka bevava mety hanampy ary izany dia ankoatry ny fepetra fisintonana vonjimaika na raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na ny tsy fampihetsehana na ny fanalana eny amin'ny fifamoivoizana ny fiarakodia .

Ampiharina, ny fepetran'ny andininy faha 319 sy 320 ny Fehezandalàna famaizana, raha misy voina ara-batana

**AndininyL7.1-6**:Ny fepetra mikasika ny famonoana olona tsy nahy sy/na ireo manohintohina ny fiainan'olona noho ny familiana fiarakodia misy motera faritan'ny andininy faha 319 sy 320 ny Fehezandalàna momba ny ady heloka dia ampiharina, ankoatry ny fepetra fisintonana vonjimaika na raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na ny fandraràna hangataka fahazoan-dàlana vaovao, na tsy fampihetsehana na ny fanalana eny amin'ny fifamoivoizana ny fiarakodia.

**Andininy L7.1-7** : Izay rehetra mpamily fiarakodia misy motera tsy manaja mazava izao ny baikon'ny mpandraharaha izay afaka manao izany ara-dalàna arak'ity Fehezandalàna ity, na mandà hanaraka ny fanamarinana rehetra voadidy mikasika ny fiarakodia na ny olona, dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar, ary izany, dia ankoatry ny fepetra fisintonana vonjimaika na tena raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na ny tsy fampihetsehana na ny fampidirana am-bala na ny fanalana eny amin'ny fifamoivoizana ny fiarakodia.

## TOKO 7.2
## FAMAIZANA HO AN'NY FANDIKAN-DALANA MIKASIKA IREO FITSIPIKA AMIN'NY FAMPIASANA NY LALANA MISOKATRA HO AN'NY FIFAMOIVOIZANA HO AN'NY BESINIMARO

**Andininy L7.2-1**: Ny olona rehetra, izay mitondra fiarakodia na mitondra biby eny amin'ny ankavian'ny arabe ao anatin'ny fepetra ara-dalàna ny fifamoivoizana, ka manao ny fandikan-dalàna, dia saziana lamandy 100.000 Ar hatramin'ny 500.000 Ar, na ny iray amin'ireo sazy roa ireo ihany ary izany, ankoatry ny fepetra fisintonana vonjimaika na tena raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na ny tsy fampihetsehana na ny fanalana ilay fiarakodia eo amin'ny fifamoivoizana.

Raha mitranga ny famerenan-keloka dia hambara ny sazy fanagadrana iray volana ka hatramin'ny enim-bolana an-tranomaizina.

**Andininy L7.2-2**: Izay olona rehetra tsy manaja ireo fepetra mikasika ny hidin-dàlana noho ny fiavian'ny orana sy ny fandalovana eo amin'ny tetezana sy eo ambony baka,

dia saziana lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 3.000.000 Ar, ankoatry ny fepetra fampihantonana na fisintonana fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, , raha toa ny fandikan-dalàna ka natao tamin'ny alalan'ny fiarakodia.

Raha misy tranga famerenan-keloka, dia hambarany fampidirana am-ponja iray volana ka hatramin'ny enim-bolana.

Ny fepetran'ny andininy 473 sy 474 ny Fehezan-dalàna mifehy ny adi-heloka dia hampiharina raha misy tranga fanimbana ny lalàna sy ireo fananana mifandraika aminy ataon'ny mpamily eahetra, akaotra ny antony hafa tsy voalaza etsy ambony.

**Andininy L7.2-3** : Na iza na iza, izay mitady hanakantsakana na hanembatsembana ny fifamoivoizana, mametraka na manandrana ny hametraka eo amin'ny lalàna misokatra ho an'ny fifamoivoizana ho an'ny besinimaro, zavatra iray manakana amin'ny fandalovan'ny fiarakodia na mampiasa na manandrana hampiasa fitaovana hafa mba hametrahana sakana eo amin'ny lalàna, dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar, ary izany, ankoatry ny fepetra fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na ny tsy fampihetsehana ny fiarakodia.

Na iza na iza, mametraka na mitady hametraka zavatra manelingelina ny fandalovan'ny fiarakodia na mampiasa na mitady hampiasa fomba hafa mba hisakanana ny fifamoivoizana , dia saziana lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 1.500.000 Ar, ary izany, ankoatry fitazonana ny fitaovana nanaovana ny fandikan-dalàna.

**Andininy L7.2-4**: Izay mpamily fiarakodia misy motera na tsy misy motera tsy manaja ny elanelana ara-dalana fiarovana ara-pitsipika eo amin'ny fiarakodia roa dia saziana amin'ny lamandy efa voafetra mialoha.

Raha misy loza naharatrana na nahafatesana olona, izay rehetra mpamily fiarakodia misy motera na tsy misy motera tsy manaja ny halaviran'ny fiarovana ara-pitsipika eo amin'ny fiarakodia roa dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar ary izany, ankoatry ny fepetra mikasika ny fisintonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia.

**Andininy L.7.2-5** : Izay rehetra olona, mitondra fiarakodia, mihoatry ny hafainganam-pandeha farany ambony nekena, dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar, ary izany, ankoatry ny fepetra fisintonana vonjimaika na raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na ny tsy fampihetsehana ny fiarakodia.

**Andininy L7.2-6**: Ireo izay mikarakara fitsapana momba ny tanjaka sy ny fitozoana na fifaninana hafainganam-pandehan'ny fiarakodia misy motera nefa tsy nahazoana fanomezan-dàlana tany amin'ny manam-pahefana ara-panjakana mahefa, dia saziana lamandy 400.000 Ar hatramin'ny 2.000.000 Ar.

**Andininy L7.2-7**: Izay rehetra mpamily fiarakodia, nandray anjara tamin'ny fitsapàna ny tanjaka sy ny fitozoana na fifaninana hafainganam-pandehan'ny fiarakodia misy motera karakaraina tsy nahazoana fanomezan-dàlana avy any amin'ny manam-pahefana ara-panjakana mahefa, dia saziana lamandy 400.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar.

Raha toa ilay mpamily fiarakodia no antony nahatonga ny loza ara-batana dia ampiharina ny fepetra voalazan'ny andininy faha 319 sy 320 ny fehezandalana

famaizana ary izany, ankoatry ny fepetra fisintonana vonjimaika na raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na fandraràna fangatahana fahazoan-dàlana vaovao na ny tsy fihetsehan'ny fiarakodia.

## TOKO 7.3
## FANASAZIANA NY FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FITSIPIKA MOMBA NY FIARAKODIA IHANY SY IREO FITAOVANA AO AMINY

**Andininy L7.3-1** : Izay rehetra olona mitondra fiarakodia misy motera na tarihina, eo amin'ny lalàna misokatra amin'ny fifamoivoizan'ny besinimaro, nefa io fiarakodia io dia tsy mitondra takelaka misy ny marikisa takian'ny didy amam-pitsipika manan-kery, dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar, ary izany ankoatry ny fepetra fisintonana vonjimaika na raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia, na fandraràna fangatahana fahazoan-dàlana vaovao, na ny tsy fampihetsehana, na fanalana eo amin'ny fifamovoizana ny fiarakodia.

Izay rehetra olona mitondra fiarakodia misy motera na tarihina, eo amin'ny lalàna misokatra amin'ny fifamoivoizan'ny besinimaro, nefa io fiarakodia io dia tsy mitondra takelaka takian'ny didy amam-pitsipika manankery dia saziana lamandy voafetra mialoha.

**Andininy L7.3-2**: Saziana lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 1.500.000Ar:

1. Izay rehetra olona manao fanahy iniana mampiasa takelaka marikisa na soratra apetaka eo amin'ny fiarakodia misy motera na tarihina, mitondra laharana, anarana na fonenana diso na tsy marina.
2. Izay rehetra olona mitondra fiarakodia misy motera na tarihina, eny amin'ny lalàna misokatra amin'ny fifamoivoizana ho an'ny besinimaro, nefa io fiarakodia io tsy manana takelaka marikisa na soratra takian'ny didy amam-pitsipika manan-kery, ary manambara mazava ankoatr'izany ny laharana, anarana na fonenana hafa noho ny azy, na hafa noho ny an'ilay tompon'ny fiarakodia ;
3. Izay rehetra olona minia mampandeha eo amin'ny fifamoivozana fiarakodia misy motera na tarihina, misy takelaka marikisa na soratra tsy mifanaraka amin'ny toetr'io fiarakodia io na ny an'ilay mpampiasa izany.

ary izany, ankoatry ny fepetra fanagiazana ny fiarakodia izay mety hambaran'ny fitsarana.

**Andininy L7.3-3** : Saziana lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 1.500.000 Ar izay rehetra olona na fikambanana:

1. manamboatra, manao na manafatra, manolotra, mivarotra na mampanofa, mitaona amin'ny fividianana na fampiasana ny fitaovana natokana amin'ny fihoarana ny fetra ara-dalàna ferana eo amin'ny hafainganam-pandeha, ny herin'ny motera na hery ambony indrindra amin'ny fanamboarana ny moteran'ny fiarakodia, *cyclomoteur*, *vélomoteur*, *motocyclette*, *tricycle* na *quadricycle* misy motera ;
2. manatanteraka na mampanao fanovàna natao mihoatra ny fetra ara-dalàna ferana eo amin'ny hafainganam-pandeha, ny herin'ny motera na hery ambony indrindra amin'ny fanamboarana ny moteran'ny fiarakodia, cyclomoteur, vélomoteur, *motocyclette*, tricycle na *quadricycle* misy motera;

ary izany, ankoatra ny fepetra fampihantonana ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia izay mety hambaran'ny manam-pahefana mahefa amin'izay rehetra vatatenan'olona nanao heloka, na ny fepetra fanagiazana ny fiarakodia izay mety ho tapahin'ny

fitsarana raha toa ny fitaovana izay nanaovana na natokana hanaovana ny fandikan-dalàna dia napetraka, nampifanarahana na napetaka amin'ny fiarakodia.

**Andininy L7.3-4**:Ny fikasana hanao ny fahadisoana araka ny voalazan'ny andininy L7.3-3 dia saziana amin'ireo sazy ireo ihany.

**Andininy L7.3-5**:Saziana lamandy 400.000 Ar hatramin'ny 2.000.000 Ar izay rehetra olona:

1. manamboatra, manao na manafatra, manolotra, mivarotra na mampanofa, mitaona amin'ny fividianana na fampiasana ny milina, fitaovana na vokatra na miseho ho toy ny zavatra ahitana ny fisian-javatra na manembatsembana ny fiasan'ny milina, fiasana na fomba ahafahana mizaha fototra ny fandikana ny lalàna na ny fitsipika mifehy ny fifamoivoizana an'arabe na ahazoana manala ny fizahana fototra ireo fandikan-dalàna ireo;
2. mametraka, mampifanaraka, mametaka amin'ny fiarakodia milina, fitaovana na vokatra toy izany

ary izany, ho an'izay rehetra olona meloka, ankoatra ny fepetra fampihantonana ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia izay mety hambaran'ny manam-pahefana mahefa na ny fepetra fanagiazana ny milina, fitaovana na vokatra na ny fanagiazana ny fiarakodia raha toa ny milina, fitaovana na vokatra izay nanaovana na natokana hanaovana ny fandikan-dalàna ka napetraka, nampifanarahana na napetaka amin'ny fiarakodia, izay mety ho tapahin'ny fitsarana.

**Andininy L7.3-6**: Ny fikasana hanao ny fahadisoana araka ny voalazan'ny andininy L7.3-5 dia saziana amin'ireo sazy ireo ihany.

## TOKO 7.4
## FAMAIZANA NY FANDIKAN-DALANA MOMBA NY FITSIPIKA MIKASIKA NY FEPETRA ARA-PANJAKANA AMIN'NY FIFAMOIVOIZAN'NY FIARAKODIA SY NY MPAMILY AZY IRENY

**Andininy L7.4-1**:Saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar:
1
1. izay rehetra olona ninia na nitondra fiarakodia misy motera na tsia na tarihina nefa tsy manana ireo fahazoan-dalana na taratasim-panjakana takiana ho an'ny fifamoivoizan'izany fiarakodia izany ;
2. izay rehetra olona ninia nampiasa ny fahazoan-dalana na taratasim-panjakana takiana ho an'ny fifamoivoizan'ny fiarakodia misy motera na tsia na tarihina, amin'ny fahafantarana fa izany fahazoan-dalana na singan-taratasy izany dia lany andro, nofoanana na hosoka,

ary izany, ankoatra ny fepetra fisintonana vonjimaika na raikitra na fampihantonana ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia, na fandraràna hangataka fahazoan-dàlana hamily fiarakodia na fahazoan-dàlana vaovao na taratasim-panjakana, na tsy fihetsehana na fanalana eny amin'ny fifamoivoizana.

**Andininy L7.4-2** : Izay rehetra olona mampiasa ny fahazoan-dalana na taratasim-panjakana takiana ho an'ny fifamoivoizan'ny fiarakodia misy motera na tsia na tarihina, amin'ny fahafantarana fa izany fahazoan-dàlana izany dia hosoka na simba, dia mety iharan'ny sazy araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha 148 amin'ny Fehezandalàna famaizana mikasika ny fampiasana ny hosoka ary izany, ankoatra ny

fepetra fisintonana vonjimaika na raikitra fampihantonana ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia, na fandrarana hangataka fahazoan-dàlana vaovao hamily fiarakodia, na tsy fihetsehana na fanalana eny amin'ny fifamoivoizana ny fiarakodia.

**Andininy L7.4-3** : Izay olona rehetra manamboatra na manafatra, na manolotra, mivarotra na mampanofa, mitaona amin'ny fividianana na fampiasana *cyclomoteur, vélomoteur, motocyclette, tricycle* na *quadricycle* misy motera izay tsy nanaovana fanamarinana mifanaraka amin'izany, dia saziana lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 1.500.000 Ar ary izany, ankoatra ny fepetra fampihantonana ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia, na tsy fihetsehana na fanalana eny amin'ny fifamoivoizana ny fiarakodia fanagiazana ny fiarakodia izay mety ho tapahin'ny fitsarana.

**Andininy L7.4-4**:Ny fikasana hanao ny fahadisoana araka ny voalazan'ny andininy L7.4-3 dia saziana amin'ireo sazy ireo ihany.

**Andininy L7.4-5**:Izay olona rehetra, noho ny tsy fitandremana, nampiasa na mitana hiasa eny amin'ny fifamoivoizana ny fiarakodia misy motera ary koa ny fiara tarihiny na fiara tarihiny mitambaby, nefa tsy nandoavana ny fiantohana miantoka ny andraikiny andavanandro araka ny voalazan'ny lalàna mikasika ny fiantohana dia saziana lamandy 100.000 Ar hatramin'ny 500.000 Ar ary izany, dia ho an'izay olona rehetra, ankoatra ny fepetra fisintonana ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia.

Raha mitranga ny loza dia hatao Ar 1.000.000 hatramin'ny 5.000.000 Ar ny lamandy.

## TOKO 7.5
## FAMAIZANA NY FANDIKAN-DALANA MOMBA NY FEPETRA MIKASIKA NY FAHAZOAN-DALANA HAMILY FIARAKODIA

**Andininy L7.5-1**: Izay olona rehetra mamily fiarakodia misy motera na tsy misy, na fiara tarihina na fiara tarihina mitambaby nefa tsy nahazo ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia manan-kery ho an'ny sokajin'ny fiarakodia voakasika, dia saziana lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 1.200.000 Ar.

Izay olona rehetra mamily fiarakodia misy motera na tsy misy, na fiara tarihina na fiara tarihina mitambaby tsy manana fahazahoan-dalana hamily manakery mifandraika amin'ny sokajim-piarakodia voakasika, dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar na ny iray amin'ireo sazy roa ireo ihany.

Na izany aza anefa, ireo fepetra ireo dia tsy ampiharina amin'ireo olona izay voamarina ny fianarany mamily fiarakodia, ivelan'ny lalana ifamoivoizan'ny fiarakodia maro, eo ambany fanara-maso tanteraky ny mpanaraka, olona manana ny fahazoan-dàlana mamily fiarakodia ara-dalana mifandraika amin'ny sokajin'ny fiarakodia voakasika.

**Andininy L7.5-2**:Ny fampihantonana, ny fisintonana vonjimaika na raikitra ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia ary koa ny fandrarana ny fanomezana ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia dia anisan'ny sazy fanampiny izay mety hambaran'ny fitsarana.

Ny sazy fanampiny dia azo hambara fa afaka tanterahina avy hatrany, ho fepetra fiarovana

**Andininy L7.5-3**:Raha toa, noho ny familiana fiarakodia, ny tompon'ny fahazoan-dàlana hamily fiarakodia ka niharan'ny fanamelohana tamin'ny alalan'ny fampiharana

ny voalazan'ny andininy faha 319 sy faha 320 amin'ny Fehezandalàna Famaizana ary nahitana fa misy porofo anton'ny fanamelohana fa izy dia tsy manana intsony ny fahafahana ara-batana na ny fahalalana ilaina ho an'ny familiana fiarakodia voakasika, ny fitsarana dia manambara ny fisintonana vonjimaika na raikitra ny fahazoan-dalana.

Ny didim-pitsarana dia mametra fe-potoana telo taona raha be indrindra alohan'ny fahataperany izay ahafahan'ny voakasika mangataka fahazoan-dalana vaovao hamily fiarakodia raha toa izy ka ekena fa afaka manao ny asa taorian'ny fizahana ara-pahasalamana sy momba ny fahakingan-tsaina natao araka ny fepetra faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika ka izy no miantoka ny lany amin'izany.

**Andininy L7.5-4**:Raha toa ny mpamily ka tsy tompon'ny fahazoan-dalana takiana ho an'ny familiana fiarakodia izay anton'ny fanamelohana mety hampihantonana na hisintonana vonjimaika na raikitra izany taratasy izany, ireo sazy ireo dia soloina amin'ny alalan'ny sazy fandrarana ny fahazoana ny fanomezana fahazoan-dalana ho azy. Ny fe-potoana aharetan'izany sazy izany dia faritana araka ny fepetra voalazan'ny andalana 2 amin'ny andininy L7.5-3

Raha misy fandikana ny voalazan'ny andininy faha 319 sy faha 320 amin'ny Fehezandalàna Famaizana, ny fepetra voalazan'ny andalana 2 amin'ny andininy L7.5-3 dia ampiharina ihany koa.

**Andininy L7.5-5** : Ny fe-potoana farafahabetsany aharetan'ny sazy fanampiny araka ny voalazan'ny andininy L7.5-3 sy L7.5-4, etsy ambony dia atao roa avo heny raha misy ny famerenan-keloka , na raha toa ny fanapahana ka nizahana fototra ny fandosirana na familiana fiarakodia voagejan'ny alikaola na voagejan'ny zavatra na zava-maniry voasokajy ho zava-mahadomelina na fanafody mandemy saina.

**Andininy L7.5-6:**Ny Manam-pahefana ara-panjakàna tondroin'ny andininy faha L3.2.1 no mety hanapaka ny fisintonana ny fazahoan-dalana hamily fiarakodia mandritra ny fotoana tsy mihoatra ny roa taona ho an'ny mpamily anton'ny fitanan'an-tsoratra ny fandikana didy amam-pitsipika mikasika ny fandaminana ny fifamoivoizana an-dalambe.
Azony atao ihany koa ny fanambarana ny fandrarana, ho amin'io fe-potoana io ihany, ny fanomezana fahazoan-dalana hamily raha toa ny mpamily ka tsy tompony.

Ny faharetan'ny fepetra ara-panjakana dia ampifanalàna, raha ilaina, amin'ireo fepetra mitovy laharana aminy nambaran'ny fitsarana.

Ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia tsy ampiharina amin'ny mpamily ny fiarakodian'ny miaramila raha toa izy ireo ka manana taratasy fanamarinana nomen'ny manam-pahefana miaramila ho amin'izany.

**Andininy L7.5-7** : Izay olona rehetra , na dia teo aza ny fampahafatarana natao taminy mikasika ny fanapahana manambara ny fampihantonana na ny fisintonana vonjimaika na raikitra ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia na ny fandrarana ny ahazoana manome fahazoan-dalana, ka mitohy mamily fiara misy motera, kanefa ny familiana izany dia ilàna singan-taratasy toy izany na amin'ny alalan'ny fanambarana diso, nahazo na nikasa ny ahazo fahazoan-dalana, dia saziana lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 1.500.000 Ar ka tsy tohinina ny sazy mafimafy kokoa araka ny voalazan'ny Fehezandalàna famaizana.

Saziana amin'ireo sazy ireo ihany koa izay olona rehetra nahazo ny fampahafantarana ny fanapahana manambara taminy ny fampihantonana na ny fisintonana vonjimaika na

raikitra ny fahazoan-dalana hamily fiarakodia nomena azy, ka mandà ny hamerina ny fahazoan-dalàna nahantona na nofoanana any amin'ny mpandraharaha miandraikitra ny fanatanterahana izany fanapahana izany.

**Andininy L7.5-8**:Mitovy amin'ny fahazoan-dalàna hamily fiarakodia: ny fanomezan-dalàna hamily fiarakodia, taratasy, singan-taratasy tovana, miaraka amin'ny fanamarihana mikasika ny mampanan-kery azy araka ny fitsipika manan-kery sy takiana ho an'ny familiana ny fiarakodia misy motera, ny *"cycles"*, ny fiarakodia tarihin'ny biby ary ny fiarakodia tarihin-tanana

**Andininy L7.5-9**:Izay olona rehetra mampiasa taratasy hosoka momba ny fandikan-dalàna tovan'ny fahazoan-dalàna hamily fiarakodia dia saziana an-tranomaizina enim-bolana ka hatramin'ny roa taona sy lamandy 500.000 Ar hatramin'ny 1.500.000 Ar na ny iray amin'ireo sazy ireo ihany.

## TOKO 7.6
## FAMAIZANA NY FANDIKAN-DALANA MOMBA NY FEPETRA MIKASIKA NY FAMPIANARANA MAMILY FIARAKODIA MISY MOTERA

**Andininy L7.6-1**:Ny fandikana ny fepe-dalàna amam-pitsipika mikasika ny fampianarana mamily fiarakodia misy motera dia saziana lamandy 200.000 Ar hatramin'ny 800.000 Ar ary raha misy famerenan-keloka, dia lamandy 400.000 Ar hatramin'ny 1.600.000 Ar.

Ny fisintonana vonjimaika na raikitra ny fankatoavana voalaza ao amin'ny andininy L3.1-1 sy ny fanagiazana ny fitaovana nampiasaina tamin'ny fampiharana tsy manara-dalàna ny fampianarana dia azo ambara ankoatra izany.

## TOKO 7.7
## SAZY ARA-PANJAKANA

**Andininy L7.7-1**:Ny famaritana sy ny fomba fampiharana ireto karazana ambaratongan'ny sazy ara-panjakana manaraka ireto:

1-ny fampihantonana, ny fisintonana vonjimaika na raikitra ny fahazoan-dalàna hamily fiarakodia, na ny fandrarana nyhangataka fahazoan-dalàna hamily fiarakodia, na endri-tsazy hafa ara-panjakana;
2-tsy fihetsehana, ny fanalana eny amin'ny fifamoivoizana ary raha ilaina, ny fanaovana lavanty , ny famotehana ny fiarakodia, lazaina eo amin'ny lohateny 7 araka ny haben'ny fandikana ny lalana sy ny didy aman-pitsipik'izao fehezan-dalaa momba ny fifamoivoizana amin'ny lalana misokatra ho an'ny be sy ny maro izao, dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Tsy tohinina ny fampiharana ny sazy ara-panjakàna voalaza etsy ambony, ny fepetra fampidirana am-bala, izay tsy avy hatrany, dia hatao araka ny haben'ny fandikana ny fepetran'ity fehezan-dalàna ity.

# LOHATENY 8
# FANDIKANA ITY FEHEZANDALANA ITY, FIZAHANA FOTOTRA NY FANDIKAN-DALANA ARY NY AMBARATONGAM-PITSARANA MAHEFA

## TOKO 8.1
## FANDIKANA ITY FEHEZANDALANA ITY

**Andininy L8.1-1**:Ny fandikana ny fepetra voalazan'ity Fehezandalàna ity dia zahana fototra amin'ny alalan'ny fitanana an-tsoratra sy faizina araka ny lalàna sy didy amam-pitsipika manan-kery.

## TOKO 8.2
## MPANDRAHARAHA AFAKA HIZAHA FOTOTRA NY FANDIKAN-DALANA

**Andininy L8.2-1**:Ny fandikana ny fehezandalàna momba ny fifamoivoizana sy ny fiarovana an'arabe dia hamarinin'ny:

1. Mpiandraikitra ny fikarohana ny fandikan-dalàna;
2. Mpandraharahan'ny fikarohana ny fandikan-dalàna;
3. Mpiasam-panjakana sy mpandraharaham- panjakana vita fianihanana notendrena tamin'ny didim-panjakana noraisina teo amin'ny Filankevitry ny Minisitra araka ny tatitry ny Mpitahiry ny Fitombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana, ny Minisitra misahana ny Asa Vaventy ary ny Minisitra misahana ny Fitaterana.

Io Didim-panjakàna io no mamaritra ny rijantenim-pianihanana izay ataon'ireo mpandraraha alohan'ny hanaovany ny asany.

**Andininy L8.2-2**: Ny mpiasam-panjakana sy ny mpandraharaha voalaza etsy ambony dia tsy maintsy manao fianianana, manoloana ny fitsarana ambaratonga voalohany eo amin'ny toerana misy azy.

**Andininy L8.2-3** : Ny Manampahefana, ny mpiasam-panjakana ary ny Mpandraharaha voatondron'ny andininy L8.2-1 sy L8.2-2 dia afaka mampanao fizahana manokana na miantso olona matianina ary vita fianianina , mba hiantohana fa ny fandikan-dalàna sasantsasany dia azo ampiharina amin'ny mpandika lalàna.

## TOKO 8.3
## AMBARATONGAM-PITSARANA MAHEFA

**Andininy L.8.3-1** : Ny fandikàna ity fehezandalana momba ny fifamoivoizana ity mikasika ny fandaminana ny fifamoivoizana amin'ny lalana misokatra amin'ny fifamoivoizan'ny besinimaro dia miankina amin'ny ambaratongam-pahefam-pitsarana

# LOHATENY 9
# FEPETRA SAMIHAFA

## TOKO 9.1
## TSY FAMPIHARANA NY FEPETRA VOALAZAN'IZAO FEHEZANDALANA IZAO

**Andininy L9.1-1** : Ny fepetra sasantsasany, ny fitsipika teknika sy ara-panjakana sasantsasany mikasika ny fiarakodia sy ny mpamily fiarakodia voalazan'izao Fehezandalàna izao dia tsy ampiharina, noho ny fepetra sasantsasany mikasika ny

andiam-piarakodia sy fitaterana miaramila, amin'ny fiarakodia sy fitaovana manokana ho an'ny Tafika, ny Zandarimariam-pirenena, ny Polisim-pirenena, amin'ny mpamily ny fiarakodia miaramila, amin' ny fiarakodiam-panjakana, ny fiara mpamonjy voina nankatoavina ary ny fitaovana manokana ho an'ny sampan-draharaha miady amin'ny haitrano, izay ho faritana amin'ny didy amam-pitsipika manokana.

## TOKO 9.2
## ASA MIFANDRAY

**Andininy L 9.2-1**: Ny fanaovana ny asa mifandray amin'ny fifamoivoizana sy fitrandrahana ny firakodia dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika

## TOKO 9.3
## FANDRAISANA AN-TANANA IREO NIHARAM-BOINA TAMIN'NY FIFAMOIVOIZANA

**Andininy L9.3-1**: Hisy tahirim-pahamehana atsangana, hanamorana ny famonjena ireo niaram-boinam-pifamoivoizana.

Ny fombafomba fametrahana sy fampiasana io tahirim-pahamehana io dia ho faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

## TOKO 9.4
## MANAMPAHEFANA

**Andininy L9.4-1**:Ny manampahefana mahefa misahana ny fanatanterahana ity fehezan-dalàna ity sy ireo rijan-teny mifandraika amin'izany dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy L9.4-2**: Ny fahefana momba ny fitandroana ny filaminana mikasika ny fifamoivoizana nomena ny Manampahefana eo amin'ny faritra sy eo an-toerana, araka izany, dia ireto manaraka ireto :

1. ny fanaovana fitsipika mikasika ny fifamoivoizan'ny fiarakodia eny an'arabe sy amin'ny lalam-pifandraisana ao anatin'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, na dia eo aza ny fahefana nomena ny solontenam-panjakana aty ifotony mikasika ny lalam-pirenena, araka ny fanasokajiana nofaritan'ny Sata momba ny Lalana ;
2. ny fisahanana ny fitandroana ny filaminana mikasika ny fifamoivoizana eny an'arabe sy ny lalam-pifandraisana ao anatin'ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana, na dia eo aza ny fahefana nomena ny solontenam-panjakana aty ifotony mikasika ny lalam-pirenena, araka ny fanasokajiana nofaritan'ny Sata momba ny lalana ;
3. ny fametrahana ho hitan'ny besinimaro, amin'ny alalan'ny fitaovana rehetra voatokana, ny fanondroana na filazana nohon'ny antony samihafa mikasika ny fifamoivoizana ;
4. ny fanomezana fahazoan-dalana ara-panjakana sasantsasany ;
5. ny fampiharana ny sazy ara-panjakana sasantsasany ;

## TOKO 9.5
## FEPETRA TETEZAMITA

**Andininy L9.5-1**:Ny fombafomba fampiharana ny fepetra voalazan'ity Lalàna ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

**Andininy L9.5-2**: Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha izay mifanohitra amin'izay voalazan'ity lalàna ity.

**Andininy L9.5-3**: Mijanona ho manan-kery ny fepetra voalazan'ny Fehezandalàna momba ny fifamoivoizana teo aloha sy ireo rijan-teny fampiharana azy mandra mpananankerin'ny rijan-tenin-didy amam-pitsipika avy amin'izao lalàna anaovana ny Fehezandalàna vaovao momba ny fifamoivoizana izao.

Antananarivo faha 06 Jolay 2017.

Ny FILOHAM-PIRENENA

Hery RAJAONARIMAMPIANINA